# Lesona 10: Ny Tena Fanompoana Kristiana

## A. Hiharan'ny fahoriana ny mpanara-dia an'i Jesosy

1. Ahoana no amaritan'i Paoly ny fijaliany amin'ny maha-mpanompon'i Jesosy Kristy azy? 2 Korintiana 4:7-18 (jereo koa ny 2 Korintiana 11:24-27)
2. Filipiana 3:7-11 Te hijaly ve i Paoly sa vonona ny hijaly amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy azy fotsiny izy?
3. Ahoana no tokony hataontsika rehefa mijaly amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy isika? 1 Petera 4:14-17, Lioka 6:22-23, sns.
4. Zarao ny fotoana iray niainanao fijaliana raha teo am-panompoana ny hafa ianao amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy anao.
5. Nahoana no zava-dehibe ny mibanjina hatrany an'i Jesosy rehefa mijaly isika amin'ny maha-mpanara-dia Azy? Hebreo 12:1-3

## B. Manana fanantenana sady mizara fanantenana ny mpanara-dia an'i Jesosy

1. 2 Korintiana 5:1-8 Inona no fanantenantsika amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy antsika? (jereo koa ny Jaona 3:16, 14:1-3, Titosy 2:11-13)
2. Inona no hevitry ny hoe tsy mitoetra ao amin'ny tena fa mitoetra ao amin'ny Tompo?
3. Inona no manosika ny mpanara-dia an'i Jesosy hizara hafatra feno fanantenana amin'ny hafa amin'ny maha-solontenan'i Kristy azy ireo? 2 Korintiana 5:14-21
4. Zarao ny fotoana iray nahafahanao nizara hafatra feno fanantenana amin'ny maha-mpanara-dia an'i Jesosy anao.

## D. Antsoina ho amin'ny fahamasinana ny mpanara-dia an'i Jesosy

1. Inona no hevitry ny hoe mitondra zioga tsy antonona hikambanana amin'ny tsy mino? 2 Korintiana 6:14
2. Inona no fahamarinana lehibe zarain'i Paoly ao amin'ny 2 Korintiana 6:16-18?
3. Aiza ao amin'ny Testamenta Vaovao no ahitantsika koa, antso ho amin'ny fahamasinana ho an'ny mpanara-dia an'i Jesosy? 1 Petera 1:13-16, 1 Jaona 3:1-3, sns.
4. Nahoana no zava-dehibe ny mahatsiaro mandrakariva fa tsy ny fiainana masina no ahazoantsika famonjena, fa kosa antsoina ho amin'ny fahamasinana isika satria efa navotana ho zanak'Andriamanitra? Efesiana 2:8-10, Efesiana 4:1-3, sns.

## E. Mifaly ao amin'ny Tompo ny mpanara-dia an'i Jesosy

1. 2 Korintianina 7:4-7 Inona no antony nahatonga an'i Paoly hifaly ao amin'ny Tompo rehefa nahazo vaovao avy tamin'i Titosy momba ireo Kristiana tany Korinto izy?
2. Ao amin'ny taratasy nosoratany ho an'ny Kristiana tany Filipia, dia mampirisika ny mpino mba hifaly mandrakariva ao amin'ny Tompo i Paoly. (Filipiana 4:4) Ahoana no ahatantaeraka izany?
3. Zarao ny fotoana iray nahafahan'i Paoly nifaly tao amin'ny Tompo na dia teo aza ny toe-javatra sarotra. (Asa 16:25)
4. Zarao ny fotoana iray nahatsapanao fa manana fahalalahana hifaly ao amin'ny Tompo ianao.